


**VIDEO ETO**

Salama tompoko,

Michael Pelletier no anarako ary izaho no Masoivoho Amerikana miasa eto Madagasikara. Ao anatin'izao zava-tsarotra hiarahantsika miatrika izao, dia te hiresaka ny fahamatoran'ny fifandraisana eo amin'ny vahoaka Amerikana sy ny vahoaka Malagasy aho androany.

Singaniko manokana amin'izany ny fanohizan'i Etazonia ireo fiaraha-miasa amin'ny Madagasikara sy ireo fanampiana izay mandeha amin'izao fotoana izao.

Ny governmenta amerikana no mpamatsy vola lehibe indrindra ny sehatry ny fahasalamana sy ny maha-olona maneran-tany na ho an'ny fampandrosoana lavitr'ezaka izany na ho an'ny ezaka fanamafisana ny fahaiza-manao. Tato anatin'ny folo taona farany dia nihoatra ny iray hetsy tapitrisa dolara ny fanampiana ho an'ny sehatry ny fahasalamana nomen'ny mpandoa hetra amerikana ary manodidina ny fito alina tapitrisa dolara ny fanampiana ankapobeny ho an'ny sehatry ny maha-olona. Ireo fanampiana nomenay ireo dia nanampy tamin'ny famonjena ain'olona, tamin'ny fiarovana ireo sokajin'olona marefo tamin'ny aretina, ny fanohanana ireo rafitra momba ny fahasalamana, ary ny fampiroboroboana ny fahamarinantoeran'ny fiarahamonina sy firenena samihafa maneran-tany.

Ny firenenay no lohalaharana mitarika ny fanampiana momba ny maha-olona sy ny vahaolana ara-pahasalamana maneran-tany amin'ny fiatrehana ny valan'aretina COVID-19 na dia miatrika io tsimok'aretina io koa aza izahay ao amin'ny firenenay. Ao anatin'ny vahaolana aroson'ny

vahoaka amerikana manoloana io valan'aretina io ny fanolorana diman-jato tapitrisa dolara hiatrehana ny hamehana ara-pahasalamana, sy ny fanampiana amin'ny lafiny maha-olona, ary ny fanampiana ara-toekarena ho an'izao tontolo izao. Io famatsiam-bola io dia hampiasaina hanohanana ireo asa tsy azo hialana entina hifehezana ny fipariahan'ny COVID-19, isan'izany ny fanapariahana ny vaovao ara-pahasalamana, ny fanohanana ireo laboratoara, ny rano sy ny fidiovana ary ny fisorohana sy ny fifehezana ny fipariahan'ny tsimokaretina eny amin'ireo toeram-pitsaboana.

Ho an'i Madagasikara manokana, tato anatin'ny 20 taona farany, dia nihoatra ny diman-jato sy arivo tapitrisa ny fampisam-bolan'i Etazonia teo amin'ny sehatry ny fampandrosoana sy ny fiatrehana ny hamehana, ary ny fiton-jato tapitrisa dolara tamin'io dia teo amin'ny sehatry ny fahasalamana. Tamin'ny taon-dasa ohatra dia nihoatra ny enim-polo tapitrisa dolara ny fampisambola nataonay hanamafisana ny ezaka fanamafisana ny rafi-pahasalamana Malagasy.

Androany dia fifaliana ho ahy ny manambara fa Etazonia dia hanolotra ho an'i Madagasikara fanampiana fanampiny mitentina dimy hetsy sy roa tapitrisa dolara ho fanohanana ny sehatry ny fahasalamana, ary indrindra amin'ny fiatrehana ny valan'aretina Corionavirus. Io vola io dia hampiasaina hanamafisana ny vahaolana ara-pahasalamana manerana ny firenana ka ao anatin'izany ny hopitaly sy ny laboratoara ary ireo mpisehatry ny fahasalamana eny ifotony.

Io fandraisana anjara amin'ny ady amin'ny COVID-19 io dia porofo fa mafy orina ny fifandraisana izay misy eo aminay sy ny vahoaka ary governemanta Malagasy ary hanampy amin'ny fiarovana ny fahasalaman'ny vahoaka Malagasy izany. Isika rehetra miaraka no handresy ny COVID-19./.

**Ny Masoivoho Amerikana eto Madagasikara, Michael Pelletier**

***Antananarivo, 21 Aprily 2020***